### *TARATASY MANOKANA AVY AMIN'NY MINISITRA JENERALY NOHO NY FANKALAZANA NY FAHA-25 TAONA NY S.I.T.*

## *ANKALAZAINA ANIE NY TRINITE MASINA*

Solidarietà Internazionale Trinitaria

Ry rahalahy sy anabavy malala,

Taom-pahasoavana ho an'ny Fianakaviam-be Trinitera ny fankalazana ny faha-25 taona nananganana ny S.I.T, fotoana sarobidy hanehoana ny fankasitrahantsika an'Izy Trinite Masina sady hanamafisana ny fifamatoram-piombonana eo samy mpikambana rehetra ao amin'ny Fianakaviam-be Trinitera.

Rehefa miresaka momba ny Kristiana enjehina isika dia tsy maintsy manaiky fa io no ivon'ny Karisma trinitera. Maro isan-karazany tokoa ireo fikambanana misahana an'ireo Kristiana enjehina, fa ny Fikambanana Trinitera no hany tokana tena misahana azy ireo noho ny Karisma sy ny aim-panahy ary ny Fitsipika.

Ny andraikitrika sahanintsika amin'ireo izay mijaly noho ny finoana dia maneho ny fiverenana amin'ny niandohana amin'ny lafiny ara-panahy sy ny maha-apôstôlika ny Karisma an'i Md. Joany de Matha, Mpanorina antsika. Fanampin'izany, araky ny fantatry be sy ny maro ankehitriny, ny fandraisana andraikitra an'ireo Kristianina enjehina dia midika hoe famaliana ny iray amin'ireo fanamby tena sarotra sy maika indrindra amin'izao andro izao. Nandritra ny am-polony taona maro, raha ny marina, ny tranganjavatra momban'ny fanenjehana ara-pivavahana, indrindra ny Kristianina, dia nitombo tsy an-kijanona. Ny tatitra farany dia milaza fa Kristianina 360 tapitrisa no iharan'ny fanavakavahana sy fanenjehana amin'ny ambaratonga samihafa, eny hatramin'ny maritiora. Kristiana iray amin'ireo fito no iharan'ny fanavakavahana mafy noho ny tsy fivadihana amin'ny Evanjely.

Ny S.I.T, raha ny marina, dia fanehoana ny tsy fivadihantsika amin'ny niandohan'ny fianakavian-drelijiozy trinitera ary famaliana ny tarainan'ireo rahalahintsika maro mijaly ao amin'ny finoana sy ireo tsy manan-tsiny niharan'ny herisetra, arakaraky ny habibiana mihatra no vao mainka mampijoro amin'ny Vaovao Mahafaly.

Fanampin'izany, ny S.I.T dia zava-misy mavitrika, toerana misokatra foana, afaka mamorona hevitra vaovao sy hetsika mba hisarihana ny saina amin'ny tranga iray izay hadino tanteraka amin'ny haino aman-jery sy ny hevitry ny besinimaro. Amin'ny alalan'ny S.I.T sy ny tambazotran'ny fifandraisana ny Fianakaviam-be Trinitera dia tehiditra amin'ny "fahanginana miray tetika" sy ny saron'ny tsy firaharahiana izay iafenan'ny fijalian'ny ankohonam-piainan'ireo Kristiana maro, izay lavina ny zò masina sy manan-danja indrindra amin'ny fotoana: zò hankalaza sy hiaina an-kalalahana ny finoana.

## 1. *FAHATSIAROVANA FENO FANKASITRAHANA NY DINGANA NANDRITRA IREO 25 TAONA IREO*

Ny S.I.T dia naorina nandritran'ny "Chapitre Général" tsy ara-potoana tamin'ny 1999, izay nankalazaina tao Ariccia (RM) tao anatin'ny tontolon'ny fankalazana ny faha-800 taona ny nankatoavana ny Fitsipika sy ny faha-400 taona ny Fanavaozana. Ambonin'izany, io fanapahan-kevitra io dia vokatry ny làlan'ny synodaly izay notanterahan'ny Fianakaviam-be Trinitera tamin'ny alalan'ny fihaonam-be iraisam-pirenena teo amin'ny samy trinitera tao Majadahonda tamin'ny 1986 sy tao Paris tamin'ny 1993 ary Ariccia tamin'ny 1999. Saingy hitantsika fa ny fototra lalina niaingan'ireo dia avy amin'ny tosika nomen'ny Konsily Vatikana II hoan'ny fiainan-drelijiozy ary maneho ny vokatra matotra avy amin'izany fanavaozana nirin'ny Konsily izany rehefa mitarika antsika hitombo amin'ny fahatokisana amin'ny aingam-panahy tany am-boalohany ho an'ny fianakavian-drelijiozy.

Ireo tanjona dia voafaritry ny Sata mifehy ity sampana ity: «Ao amin'izao tontolo izao izay iharan'ny fanenjehana na fanavakavahana noho ny finoany an'i Kristy, ny Trinitera dia maniry ny handray ny fanirian'izy ireo ho amin'ny fanafahana sy hihaino ny fitarainany amin'ny fanantenana, amin'ny fanomezana asa fanompoana ny famindram-po»[1].

Nankatoavin'i Papa Joany Paoly faha-2 io fandraisana andraikitra lehibe io ary nanasongadinany ny hasarobidin'izany araky ny voalazany manaraka ireto:

> Noho io fijoroana vavolombelona feno herim-pò io, dia te hanomana tetikasa mivaingana hidirana amin'ny taonarivo vaovao ianareo. Nieritreritra ny hanangana sampana iraisam-pirenena ao amin'ny Fianakaviam-be Trinitera ianareo, izay ahafahanareo miditra an-tsehatra amin'ny fomba mahomby kokoa amin'ny fiarovana ireo enjehina na voavakavaka noho ny finoany sy ny fahatokiany amin'ny soatoavin'ny Evanjely na ny feon'ny fieritreretany. Nomenareo ny anarana hoe "Firaisan-kina iraisam-pirenena Trinitera" ny sampana vaovao, izay mikasa ny hampiditra ny Fianaka-

[1] S.I.T., *Sata*, lah. 1.

viam-be Trinitera iray manontolo amin'ny fanompoana ny olona mijaly sy mahantra, izay maniry ny "hisehoan'i" Kristy Mpanavotra ao anatin'ny fahoriana»[2].

Ny fananganana ny S.I.T dia niteraka hafanam-pò lehibe nanerana ny Fianakaviam-be Trinitera izay niseho tamin'ny hetsika fanentanana sy firaisan-kina maro.

Tao anatin'ny 25 taona lasa izay, noho ny asa lehibe nokarakarain'ireo filoha nifandimby, dia niroborobo be ity sampana ity na tamin'ny fandraisan'anjaran'ny Fianakaviam-be Trinitera, na tamin'ny fiaraha-miasa tamin'ireo sampana maro samihafa, ny Fikambanan-drelijiozy, ny Diosezy.

Raha mamerina ny dingana vita nandritra ireo 25 taona ireo isika, dia afaka manamarika amim-pifaliana fa nitombo be ny fampahafantarana sy ny fandraisana andraikitra ho an'ireo Kristiana enjehina.

Te hanasongadina ihany koa aho ny hetsika roa lehibe naroson'ny S.I.T tato anatin'ny taona vitsivitsy: ny fametrahana ny herinandrom-bavaka ho an'ireo kristiana enjehina ny 17 ka hatramin'ny 23 oktobra isan-taona, izay nankatoavin'ny kongregasiona jeneraly tamin'ny taona 2016; ny famerenana ny endriky ny Prokoratera ny Fanavotana ao amin'ny Lalàm-panorenantsika.

Ny herinandrom-bavaka ho an'ireo Kristiana enjehina dia maneho ny fotoana fiombonan'ny Fianakaviam-be Trinitera manontolo amin'ny vavaka sy ny firaisan-kina. Ankoatr'izay, hita taratra amin'ny alalan'ity hetsika ity ihany koa ny fitomboan'ny fandraisan'anjaran'ireo paroasy hafa tsy eo ambany fitantanan'ny Trinitera sy ireo Diosezy sasany.

Ny faniriana hampiditra ny endriky ny Prokoratera ny Fanavotana ao amin'ny Lalàm-panorenantsika, fanekena ny zò ananany handray anjara amin'ireo fotoam-pivoriana lehibe ao amin'ny Fikambanana, dia manan-danja lehibe tokoa, satria miantoka ny fiainan'ny Fikambanana amin'ny lafiny ambony ny fitandremana manoloana an'ireo Kristiana enjehina. Araka ny efa nambara tao amin'ny Hafatra farany ho an'ny Fianakaviam-be Trinitera (12 Mey 2024), momba ny loha-hevitra amin'ny "Chapitre Général" amin'ny taona 2025, izay mikasika indrindra ny Kristianina enjehina sy ny fahalalahana ara-pivavahana.

## 2. *NY ANDRAIKITRITSIKA ANKEHITRINY*


Ity sampana ity, "izay miaro ny fahalalahana ara-pivavahana tsy amin'ny fomba arateorika, fa amin'ny fikarakarana ny olona enjehina sy migadra noho ny finoany", dia mandrindra ny hetsika rehetra natao ho an'ny Kristianina enjehina. Telo ny sehatra iandraketan'ity sampana ity: vavaka, fanentanana, fanampiana maha-olona. Miitatra hatrany amin'ny firenena 30 manerana an'izao tontolo izao ny tambajotrany, izay misy ny Fianakaviam-be Trinitera, manohana ireo tetikasa isan-karazany any amin'ireo firenena

[2] JOANY PAOLO II, *Kabary hoan'ireo mpandray anjara tamin'ny Fihaonam-be iraisam-pirenena ny Fianakaviam-be Trinitera,* 26 agosto 1999.

[3] FRANSOA, *Kabary hoan'ny mpandray anjara amin'ny fihaonana "S I T"*, 25 avrily 2022.

misy fanenjehana avo lenta toa an'i India, Syria, Iraka, Nizeria, izay samy miasa mivantana ireo relijiozy trinitera lahy sy vavy sy miara-miasa amin'ny vondrom-pivavahana hafa, toy ny Diosezy, Fikambanan-drelijiozy, Solo-tenan'i Papa. Ny tetikasa isankarazany dia ahitana: famatsiana ny kojakoja ilaina fototra, fitaovam-pianarana, fanamboarana trano rava noho ny fampihorohoroana, fanafahana ny gadra kristianina, fandraisana ny mpitsoa-ponenana, fampiroboroboana ny vehivavy niharan'ny fanenjehana, fanampiana ara-panahy ho an'ny Kristianina monina any amin'ny tany tsy misy fahalalahana ara-pivavahana.

Raha ny sehatry ny fampahafantarana no asiana resaka dia notanterahina tamin'ny alalan'ny fihaonam-be iraisam-pirenena momba ny fahalalahana ara-pivavahana sy ny toe-javatra iainan'ny Kristianina amin'ny faritra manokana eto amin'izao tontolo izao, amin'ny alalan'ny fijoroana vavolombelona mivantana; fanampin'izany, manolotra fampianarana ho an'ny laika sy ny relijiozy momba ny fahalalahana ara-pivavahana sy ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny samy mpivavaka. Miezaka mampahafantatra ireo tranga faraparany momba ny fanenjehana ara-pivavahana amin'ny alàlan'ny fampitam-baovao ny S.I.T.



Ny S.I.T dia mampiroborobo ny fanaparitahana ireo fitaovana ilaina amin'ny vavaka (toy ny Làlan'ny hazo fijaliana, sapile, alimbavaka) sy ny fanampiana amin'ny fanentanana ny herinandrombavaka ho an'ireo Kristiana enjehina. Na ny fisiantsika amin'izao fotoana izao indrindra any amin'ireo firenena izay vitsy an'isa ny Kristianina dia mifamatotra lalina amin'io lalana io.

Ireo hetsika rehetra ireo, araka ny hitantsika, dia mampitombo ny fiombonana eo anivon'ny Fianakaviam-be Trinitera sy ny fiaraha-miasa eo amin'ny sehatran'ny apôstôla samihafa toy ny pastôraly, fanabeazana ary sosialy. Ny endrika apôstôla rehetra dia afaka hahatsapana ny fironanany amin'ity iraka iombonana ity. Fanampin'izany, ny S.I.T dia miantoka ny fahalalana bebe kokoa ny maha-zava-dehibe ny Karisma antsika manoloana ny zava-misy ankehitriny avy amin'ireo vondrom-pivavahana toy ny Diosezy sy ny Solon-tenan'i Papa. Ireo Eveka dioseziana sy Solo-tena ny Papa, izay avy amin'ny faritra misy fanenjehana mavaivay dia mitodika amintsika Fianakaviam-be Trinitera mba hangataka fanohanana sy fanampiana. Ny iraka karismatika ataontsika dia heverina ho fanompoana sarobidy ho an'ny Fiangonana maneran-tany indrindra fa izay mandratra azy noho ny herisetra tafahoatra sy ny fanenjehana ara-pivavahana.

## 3. *VINAVINA AMIN'NY HO AVY*

Na dia somary fohy nefa tena mafy tokoa aza ity dingana vita ity, dia efa afaka mijery sahady isika sy manomana ny hoavin'ny asa karismatika ataontsika ho an'ireo Kristiana enjehina. Araka ny nambaran'i Mompera Bruno Secondin, "antsoina isika hipetraka hatrany amin'ny faravodilanitra, hikaroka lalana, fa tsy hoe hanodina ny tenantsika fotsiny na hivelomana. Izay tsy manantena ny ho avy dia tsy hahita toerana amin'ny ho avy".

Ny fehin-kevitra farany tamin'ny Fihaonam-be iraisam-pirenena ny Fianakaviam-be Trinitera dia manolotra antsika famantarana lehibe amin'ny fiarahana mamindra amin'ny fanompoana ireo mijaly noho ny finoany.

Azo antoka fa ny "Chapitre Général" manaraka eo dia hanome antsika toromarika sy famantarana ho amin'ny ho avy. Tao amin'ny Hafatra ho an'ny Fianakaviam-be Trinitera (12 May 2024) dia efa nosoritako tao ny lafin-javatra sasan-tsasany izay mitaky fanoloran-tena bebe kokoa avy amintsika, toy ny fiofanana amin'ny fifanakalozan-kevitra eo amin'ny samy mpivavaka sy ny fampiroboroboana ny fahalalahana ara-pivavahana. Ny azontsika atao mandritra izany dia ny hanamafisana ny andraikitra sahanintsika hampahafantatra ny toe-java-misy momban'ny fanenjehana sy ny fampahafantarana ireo tetikasa ary ny asa ataon'ny Fianakaviam-be Trinitera mba hanohanana ireo rahalahintsika am-pinoana izay mijaly.

Maro ireo fitaovana sy tahirin-kevitra sarobidy eo am-pelatanantsika natokana ho amin'ny hetsika fanentanana sy vavaka ary firaisan-kina.

************

Raha misy fahalalahana, indrindra fa ny fahalalahana ara-pivavahana, dia voaaro ny fiadanana sy ny fampiroboroboana ny soan'ny vahoaka. Amin'izao ora mampivarahontsana amin'ny tantaran'ny olombelona izao, izay voamariky ny fifandirana sy fanenjehana ara-pivavahana maro, dia enga anie ny fandraisana andraikitra sy ny Karisma trinitera mba ho voatsinapin'ny firahalahiana sy fiadanana ho an'izao tontolo izao.

Roma, 2 jiona 2024
Fankalazana ny Vatana Masin'i Kristy

MINISTER GENERALIS AC MAIORUM ORD. SS. TRINITATIS

fr. Luigi Buccarello O.SS.T.
Ministra Jeneraly